# FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA
## 8 – 14 APRILY 2016

---

*Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.*

## MATOAM-BAOVAO

### OLIVIER SOLONANDRASANA MAHAFALY NO VOATENDRY HO LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA

48 ora taorian'ny fanambaran'ny avy ao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika fa nametra-pialana ny Praiminisitra Jean Ravelonarivo, no nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy fa ny minisitry ny Ati-tany teo aloha, Olivier Solonandrasana Mahafaly no hisolo azy. Nialoha izany dia solombavambahoaka 17 no nanao rodobe nankeny amin'ny Lapan'Ambohitsorohitra nanatitra ny lisitra misy ny anaran'ireo izay noheverin'izy ireo fa mendrika izany toeran'ny Lehiben'ny governementa izany. Solombavambahoaka 100 eo ho eo, hoy ny fanazavan'ny Filohan'ny Antenimieram-pirenena no nankato ireo anaran'olona 14 tao anatin'ny lisitra ireo.

*Mbola tsy nandray ny andraikitra maha Lehiben'ny governemanta azy akory i Olivier Solonandrasana Mahafaly, dia efa maro sahady ireo tsikera samihafa azony. "Izy no anisan'ny Praiminisitra tsy be mpankasitraka indrindra", hoy ny* ***RADIO ANTSIVA****. Nampatsiahivin'ity onjam-peo ity fa izy no nanolotra ilay volavolan-dalàna hizarana ny tanànan'Antananarivo ho kaominina enina. Ankoatr'izay, dia lasa nirona tamina fivoizana siosion-dresaka manala baraka ity minisitra ity ny* ***RADIO ANTSIVA****, ka tamin'izany no nilazany fa "tafiditra amin'ny fanondranana andramena antsokosoko sy fanaovana kolikoly ity Praiminisitra vaovao ity". Tsy nanafina ny tsy faharisihany ihany koa ny* ***KOLO TV****, ka nilaza fa tsy dia hamaha olana ny fanendrena an'i Olivier Solonandrasana Mahafaly hitarika ny governemanta, fa vao mainka hanasaro-javatra aza. Raha ny filazany dia efa misy fikonokononana fampiatoana ny Praiminisitra amin'ny asany sahady ao anivon'ny Antenimieram-pirenena ao, moa tsy ny maro an'isa rahateo no nanolotra azy. Teo amin'ny fandraisam-peon'ny* ***TV PLUS*** *no nilazan'ny solombavambahoaka Naivo Raholdina fa efa fanomanana sahady ny fifidianana amin'ny 2018 izao fanendrena ny minisitry ny Ati-tany ho Praiminisitra izao. Efa nandalo "fitsapana" tamin'ny fangalaram-bato i Olivier*

*Solonandrasana Mahafaly, hoy izy, tamin'ny fifidianana farany teo. Nanipika ihany koa i Naivo Raholdina fa tsy nanao sonia ilay lisitr'ireo heverina fa mendrika ho Praiminisitra ny solombavambahoaka avy ao amin'ny antoko "Miaraka Amin'ny Prezidà Andry Rajoelina" (Mapar), ary tsy mihevitra rahateo ny hanolotra anarana ry zareo. Naneho ny fahadisoam-panantenany ihany koa ireo mpihaino izay niditra mivantana tamin'ny alalan'ny antso an-tariby sy ireo izay nametrahan'ny mpanao gazety fanontaniana. Raha ny fahatsiarovan'ny mpihaino ny* ***RADIO ANTSIVA*** *an'ity Praiminisitra vaovao ity dia "olona nangala-bato tamin'ny fifidianana kaominaly farany teo". Ho an'ireo olon-tsotra nohadihadian'ny* ***KOLO TV*** *kosa dia tsy hanova n'inona n'inona io Praiminisitra vaovao io, satria efa tao anatin'ny governemanta teo aloha ihany. Mitovy hevitra amin'izany ihany koa ny mpihaino ny* ***RADIO PLUS****. Ankoatr'izay dia nangataka tamin'ny Jeneraly Jean Ravelonarivo ry zareo mba hamoaka ireo raharaha maloto mahavoarohirohy ny mpitondra fanjakana.*

*Ankoatr'izay dia nahabe resaka ihany koa ny fihetsika nasehon'ireo solombavambahoaka. Nabaribarin'ny* ***RADIO ANTSIVA*** *fa fanitsakitsahan-dalàna tsotr'izao no misy. Raha araka ny andininy faha-94 mantsy, dia ny Filohampirenena no mampafantatra ny anaran' ny olona nosafidiany amin'ireo solombavambahoaka, ary tsy tokony hamaly izany ireto farany. Tsy izany anefa no zava-nisy teto, fa ireo solombavambahoaka indray no nandeha nankeny amin'ny Lapam-panjakana eny Iavoloha rehefa nantsoin'ny Filoha hifanatrika aminy mivantana. Niombon-kevitra tamin'izany ny* ***VIVA TV*** *ka nilaza fa "tsy mbola niova ny fomba fiasan'ny Filoha Hery Rajaonariampianina, mbola mandika lalàna ihany izy hatramin'izao rehefa handray fanahapahan-kevitra." Somary nampiasa fiteny tsy mendrika loatra ity fahitalavitra ity tamin'izany, raha nilaza fa "Ny vadin'ny Filohampirenena no nanery ny fitondrana hanendry an'i Olivier Solonandrasana Mahafaly eo amin'ny toeran'ny Praiminisitra, ity farany moa dia mbola nanome vola ireo solombavambahoaka ihany koa mba hanolotra ny anarany."*

*Tsy dia nanisy resaka betsaka momba ity fanendrena ity ny* ***MA-TV,*** *fa nifantoka tamin'ny fakàna ny hevitry ny mpisehatra politika maromaro. Teo aloha ny filohan'ny fikambanana Asandratro ny Fireneko, James Ratsima sy ny Sekretera Jeneralin'ny Komitin'ny Fampihavanam-pirenena, Tabera Randriamanantsoa, izay naneho ny tsy fankasitrahany izao fanendrena izao. Etsy an-kilany kosa, Andriamatoa Keiko Kubota izay manam-pahaizana amin'ny resaka toe-karena eo anivon'ny Banky iraisam-pirenena sy Floriot Samihary, avy ao amin'ny antoko TAMAMI, dia mino sy manantena fa tena hanao ny ainy tsy ho zavatra amin'ny fampandrosoana ny toe-karena malagasy ny Praiminisitra vaovao.*

*Tsy nizara na nampita ny hevitr'ireo izay nanakiana ity fanapahan-kevitry ny Filoha ity ny* ***TVM*** *fa ny hevitr'ireo solombavamboaka, firaisamonim-pirenena sy ireo olon-tsotra mankasitraka izao "fahendren'Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina" izao no re. Niantso ny vahoaka hamela ny Praiminisitra vaovao hanao ny asany ihany koa ny mpanentana ny* ***fandaharana "Ady Gasy"*** *tao amin'ny* ***RNM****. Tamin'izany no nandresen'ny*

*minisitry ny Serasera, Andrianjato Razafindambo Vonison lahatra ny mpihaino fa, mahavita tsara ny andraikitry ny Lehiben'ny governemanta i Olivier Solonandrasana Mahafaly.*

*Tsy ny teto an-drenivohitra ihany fa niresaka an'ity fanendrena ny Praiminisitra vaovao ity ihany koa ny haino vaky jery any amin'ny faritra hafa. Ny* ***RADIO TSIRY*** *ao Fianarantsoa ohatra, dia niezaka naka ny hevitry ny olona vitsivitsy any an-toerana, anisan'izany ny an'ny Mopera Jean Louis Ramanandraibe, ray aman-dreny am-panahy ao amin'ny "Justice et Paix", diosezin'ny Fianarantsoa, izay nilaza fa manana zo hahafantatra ny tena zava-nitranga ny zoma 8 aprily ny vahoaka. "Mahamenatra" ny tranga toy ireny, hoy izy, no sady "manala baraka ny fiarahamonina malagasy". Andriamatoa Marius Rakotonirina, mpandalina politika kosa dia nametraka ny ahiahiny amin'ny toe-pahasalaman'Andriamatoa Olivier Solonandrasana Mahafaly sy ny fahaizany misahana ity andraikitra vao natolotra azy ity. Nampita ity fanendrena ity ihany koa ny* ***RADIO SITENY****, saingy tsy dia nivalapatra loatra tamin'izany.*

## TOE-KARENA SY FIARAHAMONINA

### RAIKITRA IREO FITOKONANA SAMIHAFA

Somary mafanafana ny toe-draharaha eny anivon'ny fiarahamonina sy ny sampan-draharaha samihafa eny amin'izao fotoana izao. Ny 08 aprily teo dia nitokona ireo mpianatra monina eny Ankatso II, ka nirohotra nidina an-dalam-be nitaky ny fandrodanana tamboho iray atsangan'olon-tsotra ao anatin'ny toeram-ponenan'ny mpianatra. Nidina teny an-toerana ny avy ao amin'ny EMMOREG nandamina ny raharaha, ka raikitra ny fampiasana baomba mandatsa-dranomaso. Ny 11 aprily kosa dia nanapa-kevitra ny hitokona ny mpiraki-draharaha eo anivon'ny Fitsarana sy ny mpandraharahan'ny fonja, ary dia nanambana hitokona tsy hisy fiatoana raha tsy mamaly ny fangatahany ny tompon'andraikitra mahefa. Mitaky ny fandoavana ny karamany ny mpiraki-draharaha, eo ihany koa ny fijerena akaiky ny tombontsoany ary ny fanokafana ny fifaninana handraisana lehiben'ny mpiraiki-draharaha vaovao. Ireo mpandraharahan'ny fonja kosa mangataka ny hampakarana azy ireo ho sokajy fahatelo sy fanomezana fiara hitaterana ireo voafonja. Tsy izy ireo ihany fa mpampianatra FRAM miisa 130 avy amin'ny faritra Vakinankaratra no mitokona manoloana ny ministeran'ny Fanabeazam-pirenena etsy Anosy nanomboka ny alatsinainy 11 aprily teo. Izy ireo koa dia mitaky ny fandoavana ny tambi-karamany sy ny mba hampitoviana ireo samy mpampianatra FRAM ka tsy hisy ny fiangarana. Ny 13 aprily teo ihany koa dia nivory ireo mpitsabo eny amin'ny hopitalim-bahoaka sy ireo mpitsabo mpanampy, ary nitaky ny famoahana ny karaman'izy ireo dimy volana ao anatin'ny 48 ora, raha tsy izany dia hitokona ihany koa ry zareo. Io andro io ihany dia nanambana hitokona ihany koa ireo vaditany "noho ny tsindry samihafa izay mihatra amin'ny sasatsasany amin'izy ireo".

*Ny fitokonan'ny mpiraki-draharaha sy ny mpandraharahan'ny fonja no tena nahaliana ny haino vaky jery tamin'ireo savorovoro samihafa ireo, indrindra fa ny an'ny mpiraki-draharaha, satria dia tsy nitovy hevitra ry zareo. Raha ny voalazan'ny* ***TV PLUS*** *dia nampihantona ny raharahany ireo nanapa-kevitra hitokona, ary tsy nisy akory ny fandraisana olona. Ny lehiben'ny mpiraki-draharaha sy ny mpomba azy kosa dia nanohy ny asany ihany ary nilaza moa izy ireto fa efa nanome vahaolana ny minisitry ny Fitsarana. Nanasa ny Filohan'ny vondron'ny mpiraki-draharaha eto Madagasikara, Andriamatoa Nicolas Rabenandrasana kosa ny* ***KOLO TV****. Tamin'izany no nanindriany tsara fa mitohy ny fitokonana mandrapahazo valiny mahafa-po. Raha ny tatitra nataon'ny* ***RADIO TSIRY****,* ***TNTV*** *ary* ***RTV SOAFIA*** *dia mitokona tokoa ny mpiraki-draharaha sy mpandraharahan'ny fonja ao Fianarantsoa, ary dia mivandravandra manoloana ny lapan'ny Fitsarana ao an-toerana ny sora-baventy manamafy ny fitakiana. Nampita ny fitokonana ihany koa ny* ***TV VARATRAZA*** *sy ny* ***RADIO SITENY*** *ary nanamafy moa ity farany fa efa mijery ny vahaolana arak'izay azony atao ny minisitera tompon'andraikitra. Mitokona toy ireo namany manerana ny Nosy ihany koa ny mpiraki-draharaha sy mpandraharahan'ny fonja any Mahajanga, hoy ny angom-baovaon'ny* ***M3TV*** *sy ny* ***VIVA TV*** *any an-toerana. Vokany, tsy misy raharaha mandeha ao amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany. Ahiana arak'izany ny fikatsoan'ny fampandehanan-draharaha, raha toa ka tsy manome valiny mahafapo ny tompon'andraikitra.*

**Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :**
Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web: www.incipals.eu